



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-130

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKI NY TOLO-PEHIN-KEVITRA  
LAHARANA FAHA-002-2021/PR «TENDANT A LA CREATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE  
PARLEMENTAIRE SUR LES ACTIVITES DES OPERATEURS EN TELECOMMUNICATION»,  
NATOLOTR'ANDRIAMATOA ANDRIAMIASASOA DODA NIRIMBOAVONJY;  
VOAFIDY TAO MANJAKANDRIANA SY IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA NAMANY

Fivoriana Faha-10  
Natao ny  
Alatsinainy 31 Mey 2021  
- Tolak'andro -

## FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

\*\*\*\*\*

**Natao ny  
Alatsinainy 31 Mey 2021  
- Tolak'andro -**

	Pejy
1- Fitohizan'ny fivoriana.....	01
2- Famakiana ny tatitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR, natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy sy ireo Solombavambahoaka namany.....	02
3- Fanamarihana momba ny tatitra.....	05
4- Fanazavana ny Tolo-pehin-kevitra.....	06
5- Adihevitra ankapobeny.....	07
6- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002- 2021/PR, natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy sy ireo Solombavambahoaka namany.....	14
7- Fiatoan'ny fivoriana.....	16

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**FOTOANA:** Alatsinainy 31 Mey 2021 tamin'ny 3 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en télécommunication» natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy voafidy tao Manjakandriana sy ireo Solombavambahoaka namany.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokvavy,  
Mitohy indray ny fivorantsika izao tolak'andro izao.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao.  
Arahabaina torak'izay koa ianareo vahiny tonga manatrika eto. Singanina manokana amin'izany ny solotena avy ao amin'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.

Ny fanamarihana ny fahatongavantsika Solombavambahoaka dia hohitantsika ao amin'ny fisoratana anarana havoakan'ny Tale miandraikitra ny Informatika ato amintsika. Havoaka amin'ny fotoana mahamety azy izany rehefa avy eo.

Tompokolahy sy Tompokvavy, ny fandaharam-potoanantsika izao Alatsinainy 31 Mey 2021 tolak'andro izao dia fivoriambe handinhana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR “tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en telecommunication”, natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy voafidy tao Manjakandriana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Marihina fa mandeha mivantana amin'ny tambazotra hatrany ny fivorambentsika, ka ampahatsiahivina isika mandray fitenenana mba hitandrina ny teny atao.

Miangavy ny Mpampakateny, Andriamatoa RALAMBOMANANA Fenoherintsoa mba hamaky ny tatity ny asam-baomiera.

Omena anao ny fitenena Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

- 2 -

**- Famakiana ny tatifra -**

**Andriamatoa RALAMBOMANANA Fenoherintsoa**

Misaotra Ramatoa Filoha,  
Isika Solombavambahoaka,  
Tompolahy sy Tompokovavy.

Nivory ny Alakamisy faha-27 Mey 2021 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunication» izay natolotr'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Manjakandriana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Andriamatoa MAMANGY Norbert, Filohan'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao tonga nivory.

Andriamatoa isany:

1. MAMANGY Norbert
2. RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
3. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
4. RAFIDIMANANA Narson

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
3. DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Jhonny
4. PEPIN Michou
5. RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
6. RAMBOASALAMA Emilien
7. SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph
8. TSARADIA Marco

Andriamatoa RAMAHERIJAONA Andriamanohisoa, Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Haitao ara-kajy mirindra no nisolotena ny Governemanta.

Ireto avy ireo teknisiana tonga nanotrona azy tamin'izany.

Andriamatoa sy Ramatoa:

- |                                 |  |
|---------------------------------|--|
| 1. GIULLICIA                    | Conseiller Technique/MPTDN                   |
| 2. RAKOTORATSIMANJEFY Brilliant | Directeur de la Régulation des marchés/ARTEC |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha sy namaky ny Tolo-pehin-kevitra dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana ny fitenenana.

Nilaza Andriamatoa Solombavambahoaka fa maro ireo teboka tsara jerena mikasika ny tontolon'ny fifandraisana-davitra nanomboka tamin'ny nanomezan'ny Fanjakana malagasy io sehatra io ho an'ny mpandrahaharaha tsy miankina ka hatramin'izao.

Tsapa tokoa mantsy fa ireo orinasa nahazo io sehatra io dia nahazo tombotsoa goavana satria dia orinasa nihodina tsara ny «Télécom Malagasy» tamin'ny fotoan'androny. Porofon'izany, ny fahefan'iray amin'ireo mpisehatra ireo mividy tany goavana sy mampanofa izany ho an'ny sekoly tsy miankina eto Antananarivo.

Raha ny tatitra nataon'ny ARTEC tamin'ny taona 2019 no jerena dia nahitana fa nahazo 851 Miliara Ariary ireo mpisehatra ireo vokatry ny tolotra naroison'izy ireo ho an'ny mpanjifa tamin'ny taona 2016. Izany tolotra izany ohatra dia mikasika ny "service fixe", ny "service mobile", sns. Niakatra 1000 Miliara Ariary io vola azo io ny taona 2017, 1017 Miliara Ariary ny taona 2018 ary ny taona 2019 dia 1246 Miliara Ariary.

Manoloana ny fiakaran'io vola miditra amin'ireo mpisehatra ireo io dia tsara jerana araka izany ny hetra miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Misy amin'ireo mpisehatra ireo mantsy no tsy mandoa hetra satria milaza fa mbola manana vola amin'ny Fanjakana Malagasy, ka nanjary natao "compensation" izany. Tsapa araka izany, fa tsy manaraka ny lalànan'ny hetra izany fanao izany ary tokony hojerena akaiky ny vola miditra amin'ny Fanjakana vokatr'io asa io.

Noho ireo teboka ireo dia nangataka tamin'ny Solombavambahoaka izy ny hankatoavana ny fananganana izao Vaomiera mpanadihady izao handinhana ity raharaha ity.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fitenenana sy fanaovana fanamarihana ny mpivory.

### **FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

- Mbola betsaka ireo toerana no tsy voarakotra tambazotra fifandraisana ary raha misy aza izany dia tena ratsy ny kalitaony, hany ka mampanano sarotra amin'ny fifandraisana izay miteraka sakana goavana amin'ny asa fampandrosoana sy fandriampahalemana.
- Tsy arakakaraky ny habetsaky ny vola miditra amin'ireo mpisehatra ireo ny kalitaon'ny tolotra omen'izy ireo ho an'ny vahoaka, ka mendrika fanadihadiana izany.
- Eo amin'ny sandan'ny fifandraisana dia anisan'ny lafo indrindra aty Afrika ny antsika eto Madagasikara. Io sandan'ny fifandraisana io anefa dia anisan'ny singa iray handrefesana ny fandrosoan'ny firenena. Tsara marihana anefa fa nisy ffanarahana teo amin'ny Fanjakana malagasy sy ireo mpisehatra ireo fa hahena ny hetra alaina amin'izy ireo toy ny "droit d'accise" ohatra. Hahena ihany koa ny vidin'ny tolotra ho an'ny mpanjifa ary tokony hanao fampiasam-bola na "investissement" maro eto amin'ny firenena izy ireo. Hita anefa fa tsy nanatanteraka izany ireo mpandrahaharaha ireo.
- Ahitana fanararaotana maro avy amin'ireo mpisehatra ireo, ka akan'izy ireo vola mihaopampana ny mpanjifa.
- Amin'ny maha "service public" azy dia tokony hanao ny fomba rehetra ireo "opérateurs" ireo mba hanatsara ny kalitao ho an'ny mpanjifa.

Ho valin'ny resaka nataon'ireo Solombavambahoaka dia toy izao manaraka izao ny fandraisam-pitenena avy amin'ny teknisiana.

## FANDRAISAM-PITENENANA AVY AMIN'NY TEKNISIANA

- Nilaza ny tomponandraikitra avy ao amin'ny ARTEC, fa vonona ny hanolo-tànnana ny Antenimierampirenana amin'izao asa izao izy ireo, indrindra amin'ireo teboka voaresaka teo, toy ny vola miditra amin'ireo mpandrahahara ireo satria misy tsy mazava ny tatintra avy amin'izy ireo sy ny andraikitra tokony handrakofana tambazotra ny firenena iray manontolo.
- Nilaza Andriamatoa Minisitra, fa ilaina hatsaraina tokoa ny tolotra omen'ireo mpandrahahara ireo, ka ilàna fiaraha-miasa izany eo amin'ny Minisitera, ny Solombavambahoaka ary ny fikambanana miaro ny zon'ny mpanjifa. Mila apetraka arak'izany ny fitaovana entina mandrefy ny kalitaon'ny tolotra sy ny tena vidiny.

Nilaza ihany koa izy, fa mila jerena akaiky ny haba ampidirin'io sehatra io satria raha ambony loatra izy io dia vesatra ho an'ny mpanjifa, kanefa raha ambany loatra kosa dia hihena ny fidiram-bolan'ny Fanjakana.

Nilaza ihany koa izy fa hampiasa “satellite” ny Fanjakana malagasy mba hanampiana ireo faritra mitoka-monina.

Taorian'izay, nisy tamin'ireo mpivory nametraka fanontaniana tamin'Andriamatoa Minisitra.

## FANONTANIANA:

1. Mahafapo anao ve ny fomba fiasan'ireo mpandrahahara ara-pifandraisana ireo eto Madagasikara?
2. Mangarahara ve ny vola aloan'ireo mpandrahahara ireo?

## VALINY:

1. Eo amin'ny lafin'ny fitaovana dia mahafapo satria ampy tsara izany, saingy ny kalitao no mila fanarenana.
2. Mbola tsy hita ny kajy ahafahana mamaritra izany teboka izany ary izany no hanamafisana ny fahavononana amin'ny fiaraha-miasa amin'ity vaomiera ity.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra anefa dia naato 30 minitra ny fivoriana mba hanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Paositra, ny Fifandraisian-davitra ary Teknolojia vaovao ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en Télécommunication» ary hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpampakateny tamin'ny nitondrany ny tatitra teo isika.

Tiako ny manamarika, fa ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra mikasika ny Fifandraisant-davitra dia sarotsaratra ny fifandraisany amintsika satria ny toerana misy azy amin'izao fotoana izao dia misy «connexion» ihany fa ny «réseau» no miadana loatra, ka mametraka fialan-tsiny noho izany izy. Hiezaka ihany anefa izy ny hiditra raha mety.

Marihina fa amin'ny maha favoriambe ity ataontsika ity dia azon'ny besinimaro jerena sy arahana mivantana amin'ny “facebook” izany.

Sao misy manan-kambara amin'ny fanitsiana ny tatitra novakiana teo. Mbola tsy miditra amin'ny votoatin-dresaka aloha isika.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka voafidy tao Vondrozo.

- 3 -

### **- Fanamarihana momba ny tatitra -**

#### **Andriamatoa ANDRIANANBININA Djohary Lee**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Filoha, isika Solombavambahoaka; fanamarihana kely fotsiny no hataoko: tsy ato anaty lisitra ny anarako kanefa izaho nanatrika ny favoriana. Ao anatin'ny Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera no tokony hisy an'izany.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra anao nanao izay fanamarihana izay. Ampidirina ao izany ny anaranao “honorable”.

Mbola misy manana fitenenana mikasika ity tatitra ity ve; fanitsiana na fanamarihana avy amintsika Solombavambahoaka. Raha tsy misy intsony, mitodika aminareo avy ao amin'ny Governemanta, ny teknisiana na ny solotenan'ny Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisant-davitra, raha ao ianareo ary manan-kambara amin'ny tatitra novakian'ny Mpampakateny teo.

Rehefa tsy manan-kambara Tompokolahy sy Tompokovavy ianareo dia vita izany ny fanamarihana ny tatitra.

Alohan'ny hirosoana amin'ny adihevitra ankabobeny, omena fitenenana ianao Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy voafidy tao amin'ny Distrikana'i Manjakandriana hanoloranao eto amin'ny favoriambe ny antanton'ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Omena anao ny fitenenana Andriamatoa Solombavambahoaka.

- 4 -

**- Fanazavana ny Tolo-pehin-kevitra -**

**Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba antsika rehetra ary miarahaba ny vahiny ihany koa.

Mialatsiny fa mbola aty amin'ny hopitaly izaho miresaka aminareo izao; na izany aza, hiezaka ihany hanazava ny antony nisian'izao "enquête parlementaire" izao.

Mazava be teo aloha sy hatramin'izay, fa ny Paositra dia anisan'ny mampidi-bola betsaka ho an'ny fanjakana. Niasa tao amin'ny "trésor" aho ary nahita tamin'izany fotoana izany, fa isaky ny amin'ny efatra ora, tolak'andro, tsy maintsy tonga manao "versement" any amin'ny "caisse publique" na "caisse de trésor" foana ny Paositra isan'andro isan'andro. Raha niasa tao amin'ny "trésorerie générale" aho dia nahita tsara tamin'izany fotoana izany, fa rehefa mihoatra ny vola tokony ho azontsika alaina ao amin'ny "banque centrale" dia miandry ny "versement"-n'ny Paositra sy ny "versement de douane" avy any Toamasina mba hamenoana azy izay vao afaka mandeha indray ny fandoavana ny volam-panjakana.

Amin'izao fotoana izao, rehefa nodinihana izany; voalohany ny finday toa tsy mandeha sady efa tsy ao intsony; ny "mandat poste" sy ny "mandat télégraphique" efa tsy mandeha intsony, efa tsy misy intsony. Ny taratasy efa tsy mandeha intsony, inona izany no tena ataon'ny Paositra ahazoana vola amin'izao fotoana izao. Anjarantsika no mandinika izany.

Ny "Télécom" dia misy fifanarahana tamin'ny fotoan'androny, nomena ny Telma tamin'izany fotoana izany. Amin'izao fotoana izao, rehefa dinihina ny vola azon'ireo "opérateurs en télécommunication" ireo natomboka ny taona 2016 ka hatramin'ny taona 2017 dia hitantsika fa tena vola be tokoa. Manome ohatra aho, ny «service fixe, service mobile, service data, vente en gros, service d'installation et des centres d'appel». Raha jerentsika tamin'ny taona 2016 dia nahazo 851 Miliara izy rehetra ireo, ny taona 2017 dia nahazo 960 Miliara izy ireo, ny taona 2018, nahazo 1017 Miliara izy ireo, ny taona 2019, nahazo 1246 Miliara izy ireo. Izany zavatra izany dia hita fa vola be izay azon'ny Paositra Malagasy notrandrahana tamin'izany fotoana izany; azontsika nohatsaraina tamin'izany fotoana izany mba tokony ho nahazoantsika vola mifandraika amin'izany.

Amin'izao fotoana izao, rehefa jerena ny "rapport d'activités" nataon'ny ARTEC ny taona 2019 dia hita fa tsy ao ny "blueline" amin'izao fotoana izao. Mahita aho fa isaky ny dimampolo metatra eto Antananarivo dia misy toerana fandefasana vola, toy ny "Airtel money, orange" sy ny «Mvola» dia efa lasa "institution financière" izy ireo sa mandeha ho azy fotsiny ireny zavatra ireny kanefa tokony ho fidiram-bola ho an'ny fanjakana. Izany rehetra izany no nampirisika hoe, mba hahatsaratsara kokoa ny fidiram-bolam-panjakana dia miezaka ny tena satria ao amin'ny Kaomisionan'ny Tetibola izahay, ny hampitombo ny fampidiram-bolam-panjakana no tanjona.

Tamin'ny fitondrana teo aloha, ny taona 2015 ka hatramin'ny taona 2018 dia somary nahitana fa tsy nandoa hetra izy ireo. Rehefa nanontany azy aho dia namaly izy fa ananany vola ny fanjakana ka mba tsy handoa vola izahay.

Ohatran'ny tsy mety, hoy aho, izany satria ny anankiray tokony handoa ho an'ny fanjakana tapahinareo, tonga dia vita fa ny anankiray tena hetra mipetraka any aminareo. Misy ny "code général des impôts" mifehy izany, ka raha vao tsy mahavoaloa vola amin'ny fotoana tokony handoavana izany ny mpandraharaoha dia ny fanjakana no manao "poursuite" rehetra mba hahazoana iny vola iny. Rehefa tara izany dia misy "majoration" 10% isan-taona farafaharatsiny. Raha ohatra 140 Miliara tamin'izany fotoana izany no tonga dia nanaovana fifanarahana fotsiny hoe "calendrier"-n'ny Governemanta na sahala amin'izany dia very, tsy voahaja ny "code général des impôts" satria misy "poursuite" ao, misy volam-panjakana, misy vola ho an'ny "agent de poursuite".

Izany rehetra izany no nahitanay, fa misy lesoka maro ao amin'io fandraharahana io, ka nahatonga anay nanao an'ity "enquête parlementaire" ity. Betsaka ny zavatra azontsika lazaina ao.

Amin'izao fotoana izao, raha mandinika isika, ny tena hita fa nampiditra vola be indrindra ho an'izy ireo dia ny "service data" izay nahitana 528 Miliara tamin'ny taona 2019 izany; ny taona 2020 sy 2021 nisy ny aretina "coronavirus". Ny dikan'izay, midangana lavitra noho io satria izao "télétravail" ataontsika izao dia efa mampiditra vola be ho azy ireo. Izany rehetra izany no mahatonga anay nanao azy ity mba hanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana hijerena ny mahatsratsara kokoa azy.

Manarak'izany, ny nifanarahana tamin'izy ireo dia hoe: hampidinina ny "droit d'accise" dia hahenanay io. Tsy misy mihena anefa izany, fa vao mainka aza mitombo hatrany. Aza hadinoina fa ny "droit d'accise" dia manomboka 1% ka hatramin'ny 300%; isika any amin'ny alikaola mandeha mafy be, 100% isika, fa ato kosa isika, 8% no alaintsika amin'izy ireo kanefa ny "service" hita fa tsy mahomby satria mbola marobe ny olona no mimenomenona mikasika izany.

Raha ny fiheverako azy, ny fifanarahana dia i Madagasikara iray manontolo no hametrahan'izy ireo ny fitaovana araka ny fifanarahana natao taminy. Amin'zao fotoana izao, any ambanivohitra any mbola maro no tsy mahazo. Porofon'izany, any Ambilobe, mbola Tale Jeneraly no any hoy ny Filohan'ny "Télécommunication". Tsy misy fifandraisana hoy izy na dia nikasa ny hiditra amin'izao favoriana izao izy, fa any an-tanàn-dehibe betsaka olona no misy fifandraisana satria any no maro mpanjifa. Noho izany, mahita izahay fa misy zavatra tokony hamboarina ao. Izany no nahatonga anay hanao ity zavatra ity, hijerena hoe inona no mahasoa sy mahatsara ny fidiram-bolan'ny fanjakana.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

- 5 -

**- Adihevitra ankabopeny -**

### **Ramatoa FILOHA**

Izao isika dia hiroso amin'ny adihevitra ankabopeny. Handray fitenenana isika Solombavambahoaka, fa mialohan'izay, homentsika fitenenana ny solotenan'ny Governemanta na ny Paositra mba hilazany ny heviny mikasika ity Tolo-pehin-kevitra ity. Misy manangan-tànana ny solotenan'ny Governemanta sa tsy misy androany.

Rehefa tsy ao ny solotenan'ny Gouvernement hanome ny heviny amin'ny Tolo-pehin-kevitra dia mandray fitenenana isika Solombavambahoaka.

Mandray fitenenana voalohany ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra, RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.

### **Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mbola faly miarahaba anao tratry ny fetin'ny Reny.

Tsy dia misy zavatra holazaina firy, fa misaotra ny Solombavambahoaka Doda ANDRIAMIASASOA tamin'ny famelabelarana teo fa mazava dia mazava.

Ny zavatra hoteneniko Ramatoa Filoha dia fialan-tsiny satria ity fitaovana ampiasaiko ity mi-“decharge” kanefa izaho tena mankasitraka amin'ny zavatra natolotry ny Solombavambahoaka Doda ANDRIAMIASASOA teo, ka sao sanatria tsy mahatratra ny tsangan-tàhana, Tompoko, fa izay ny hevitro.

Misaotra Tompoko.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka voafidy tao Ambositra tamin'ny fandraisany fitenenana.

Mbola tsy vonona ny Solombavambahoakan'i Manakara. Omena anao ny fitenana, Tompoko.

### **Andriamatoa RASIDIMANANA**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao nahatratra ny fety ny Reny.

Miarahaba ny Solombavambahoaka vehivavy rehetra nahatratra ny fetin'ny reny.

Aty Manakara aloha, somary hiresaka ny hevitra natolotry ny Solombavambahoaka Doda ANDRIAMIASASOA teo aho. Amin'ny mahasamy “financier” anay, tena marina ny famakafakana nataony teo. Misaotra azy satria tena hainy tokoa; misaotra antsika nifidy azy ho Filohan'ny Vaomiera ny Tetibola, fa hainy tokoa ny asany.

Manoloana izay, Ramatoa Filoha; mikasika ny vahoakan'i Manakara no holazaiko amin'izao fotoana izao satria misy hafatra tiako hampitaina. Mirongatra ny halatra lavanila aty Manakara satria tsy mety, amin'ny fotoana samihafa no anokafana ny fotoam-pihotazana eto Madagaskara; ny any Ambanja efa misokatra ny aty amin'ny Faritra Atsinanana sy Atsimo Atsinanana tsy misokatra ka lasa mirongatra ny halatra lavanila amin'izao fotoana izao. Tsara raha mba entinareo any amin'ny tomponandraikitra izany satria tsy mety ny fomba atao; na tonga dia ampiarahana amin'ny volana Jolay daholo izany na ampiarahana amin'ny volana Mey. Tena mirongatra ny tsy fandriampahalemana ary betsaka ny tompon'ny lavanila no maty.

Izay aloha no entiko avy aty Manakara, fa mitovy amin'ny Solombavambahoaka RASOAZANANERA Marie Monique teo ny teniko, satria efa kely dia kely ny fahanako ato. Mialatsiny sao tsy mahatratra ny fananganan-tànana, manangan-tànana dieny mialoha aho, satria lavitra ny toerana misy ahy ka mety tsy hisy "connexion".

Misaotra, Ramatoa Filoha ary mba ampitao any ny hafatra fa mijaly mpamboly lavanila aty aminay amin'izao fotoana izao.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana ianao Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao Manakara tamin'ny fandraisanao fitenenana.

Mandray ny fitenenana manaraka, Morafenobe, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.

### **Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène**

Misaotra anao sady miarahaba anao, Ramatoa Filoha, tamin'ny nanomezanao ahy ny fitenenana.

Arak'izay famelabelarana nataon'ny Solombavambahoaka ANDRIAMIASASOA Doda izay Filoham-baomieranay ao amin'ny Tetibola dia misaotra azy izahay satria mazava ny zavatra rehetra noresahany teo. Ny zavatra tokony hataontsika dia ny fandaniantsika ity raharaha ity hirosoana amin'ny fametrahana "enquête parlementaire" izay ary tsy ity ihany aza, fa izay rehetra "sous tutelle" an'ireo Minisitra rehetra ao amin'ny Governemanta, ny mpandrahahaha sy ny namany dia tokony hatao toy izany koa satria misy zavatra tsy mazava ao, misy kolikoly ao, misy zavatra tsy mety ao. Izahay dia momba an'ity mihitsy ary manentana ny Solombavambahoaka rehetra mba handany azy mba hijerena ny fahamarinana.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana i Morafenobe tamin'ny fandraisana fitenenana, tamin'ny alalan'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène.

Mandray fitenenana manaraka, Antananarivo faha-III, Solombavambahoaka RALAMBOMANANA Fenoherintsoa.

### **Andriamatoa RALAMBOMANANA Fenoherintsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Hanohizako ny resaka efa nataon'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda teo, izahay avy ato amin'ny Vaomieran'ny Fifandraisian-davitra dia mahita fa rariny sy hitsiny raha Ianian'ny Solombavambahoaka namana ity Tolo-pehin-kevitra ity satria hivoaka eo ny lafiny ara-ketra saingy ny lafiny ara-teknika koa mila fantarintsika, indrindra ho an'ireo vahoaka mpanjifa satria betsaka ny fitairainana Ramatoa Filoha, isika Solombavambahoaka namana misy fitairainana avy amin'ny vahoaka.

Manaraka antsakany sy andavany ny "cahier des charges" ve ireo "opérateurs" misy eto amintsika ireo satria raha ny «couverture des réseaux» eto amintsika raha jerena dia mbola tsy mahanika ny 30% na 40% eo. Tsy fantatro na afaka manamarina izany ry zareo ao amin'ny "ARTEC". Izay no itarihanay ny sain'ny Solombavambahoaka namana satria tena raharaha tokoa ity resaka fifandraisan-davitra ity; mijaly ny vahoaka, eny na isika Solombavambahoaka koa aza. Hitantsika ny tsy fahatomombanan'ny resaka fifandrasain-davitra ankehitriny ao anatin'ity "visio conférence" ity. Noho izany, manentana antsika amin'ny fandaniana ity Tolo-pehin-kevitra ity, fa asa lehibe tokoa no ao anatiny. Mino aho fa hifanome tànana amin'izany isika Solombavambahoaka namana.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana Antananarivo faha-III tamin'ny fandraisany fitenenana.

Hamaly ny fanontaniana ry zareo ao amin'ny ARTEC, fa omena fitenenana aloha ny Solombavambahoaka voafidy tao Ankazoabo.

### **Andriamatoa PEPIN Michou**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mirary fahasalamana ho anao no tratran'ny fety ianao. Enga anie mba hanjaka mandrakizay.

Eto izahay dia misaotra an'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda satria efa niasa tao amin'ny «trésor» izy, ka tsy hitako ny olana amin'izany. Andao holaniantsika ity satria zavadehibe tokoa ary ny solotenantsika efa mahay ny asa, efa nipetraka ela teo ka tsy hitako ny olana. Izahay koa manontany hoe misy solotenan'ny Minisitera ve ao ary tokony homena fitenenana izy hanazava ity Tolo-pehin-kevitra ity misimisy kokoa, fa tsy hitako izay isakana izany, Ramatoa Filoha. Andao holaniana ity satria mahay zavatra Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda matoa napetratsika eo.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Mirary anao ho salama lalandava ary mbola mamerina ny fankasitrahana anao, Tompoko.

Misaotra Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana Ankazoabo nandray ny fitenenana teo. Mandray fitenenana Andramasina.

### **Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina**

Faly miarahaba antsika rehetra, Tompoko.

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha, nahatratra ny fetin'ny Reny omaly.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka namana rehetra.

Zavatra tena tsara tokoa ity natolotry ny ekipan'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda ity satria zavatra tena mitranga amin'izao fotoana izao. Ohariko amin'ny anay fotsiny, raha ohatra miantsosia dia misy zavatra mikasoka foana ary tsy ifandrenesana ny antso na avy aiza na avy aiza.

Asa na resaka olana momba ny "réseau" izany na fanahiniana avy amin'ireo "opérateurs" mihitsy. Izay no iangavianay, indrindra amin'ny resaka "crédit", ny vidin'ny "connexion" koa ambony loatra mihoatra ny sandany amin'izao tontolo izao. Tsara ny nanaovana ity zavatra natolotra ity, ka hifidy azy izahay.

Misaotra antsika rehetra, Tompoko.

Mirary soa daholo.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana Andramasina tamin'ny fandraisany fitenenana.

Mandray fitenenana ny «Directeur de la Régulation du Marché» ao amin'ny ARTEC, Andriamatoa RAKOTORATSIMANJEFY Brillant, omena anao ny fitenenana, Tompoko.

### **Andriamatoa RAKOTORATSIMANJEFY Brillant Directeur de la Régulation du Marché, ARTEC**

Miarahaba anao, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao amin'izao fetin'ny Reny izao.

Mialatsiny fa vao teo aho no nahazo ny «ordre du jour» androany kanefa tafiditra ihany.

Ny tenako dia miandraikitra ny antsoina hoe: «régulation du marché » ato amin'ny ARTEC. Ny andraikitr'izany dia manao «suivi d'obligation des opérateurs» ary mamoaka ny atao hoe «observatoire». Manao ny «analyse des opérateurs» isan-taona ary mamoaka ny «statistique» sy ny «indicateur de performance ou non performance des opérateurs». Araka ny voalazako tamin'ny faran'ny herinandro tamin'iny fivoriana iny; ny asan'ny olona nandinika azy ity dia nilaza fa faly amin'ny fisian'izao «enquête parlementaire» izao ary manohana amin'izay rehetra hoentina hahafahana mampandroso ity «enquête parlementaire» kasaina hatao ity.

Niteny, Ramatoa Filoha, teo raha tsy mahadiso ahy satria noho ny fahatarana ialana tsiny indrindra; nisy fanontaniana nipetraka teo kanefa tsy tratranay; asa raha azonay valiana ihany.

Misaotra indrindra, Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra Andriamatoa Tale.

Fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka voafidy tao Antananarivo faha-III. Afaka mamerina ny fanontaniana napetrakao ve ianao azafady.

### **Andriamatoa RALAMBOMANANA Fenoherintsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ny fanontaniana napetraka teo dia firy isan-jato ny «couverture»-n'ny telefonina na ny «réseaux» eto Madagasikara.

**Ramatoa FILOHA**

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Tale, hamaly an'izay fanontaniana izay.

**Andriamatoa RAKOTORATSIMANJEFY Brillant «Directeur de la Régulation du Marché, ARTEC»**

Misaotra nanome ny fitenenana, Tompoko.

Momba ny 3G dia eo 63% raha mitaha amin'ny Kaominina misa 1590 eto amintsika, izay no ahitana «réseaux» mipetraka.

Ny 2G no somary ambony kely noho izay, fa eo amin'ny kalitao no misy olana. Efa misy «chantier» miara-miasa amin'ny Minisitera handrefesana ny kalitao miaraka amin'ny «équipement» satria hatreto dia karazana «rapport» tsy mahafapo anay ato amin'ny ARTEC no azo. Izay no mahatonga anay mazoto ny hanaovana an'ity «enquête parlementaire» ity.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra Andrimatoa Tale.

Mangataka fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tao Ampanihy, Andriamatoa TSARADIA Marco.

**Andriamatoa TSARADIA Marco.**

Mankasitraka indrindra, Ramatoa Fikoha, nanome ny fitenenana.

Mamerina ny fiarahabana anao manokana nahatratra ny fetin'ny Reny omaly.

Miarahaba koa an'ireo Solombavambahoaka vehivavy rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena sy ireo manaraka any aminy «facebook».

Ny tenako dia miara-dia amin'ny «consort» satria ny Solombavambahoaka ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy sy ny «consort» dia nanolotra ny fangatahana fanokafana an'io «enquête» io ary manohana azy ity izahay.

Hitodika manokana amin'Andriamatoa Tale sy ireo avy ao amin'ny Governemanta aho, indrindra isika tomponandraikitra mpitantana ny Antenimierampirenena satria tsy misy dikany ny fanaovana «enquête parlementaire» raha toa tsy misy ny fahaleovatena.

Ny «enquête parlementaire» tsy mitovy amin'ny «audit», tsy mitovy amin'ny «inspection», fa mila fahaleovatena sady tsy misy «pression» amin'ny fomba isan-karazany amin'ireo Solombavambahoaka mpikambana ao anatin'ity vaomiera mpanao azy ity. Marina fa isika tsy manana «budget prévu» ho amin'izany. Zava-dehibe loatra ho an'ny aim-pirenena ity resaka androany ity ary samy resy lahatra daholo izay nandray fitenenana teo.

Ny pitsopitsony ara-teknika efa nohazavain'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, tsy hidirako intsony fa efa mazava sady feno. Ny lafiny «indépendance» no mba angatahana fifanomezan-tànana amintsika Minisitera tomponandraikitrty ao amin'ny ARTEC ary amin'ny Antenimierampirenena satria mba ahafahana tena manadihady lalina sy mamoaka ny tena marina. Izay no ilana «indépendance»; «indépendance financière», «indépendance morale» sy amin'ny lafiny rehetra.

Teny atsy mba hanomanana izay rehetra sy ny fitaovana hoentina miasa amin'ity «enquête parlementaire» ity ary eo koa ny teknisiana tsy maintsy hiara-hiasa aminy.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana Andriamatoa TSARADIA Marco tamin'ny fandraisany fitenenana.  
Managan-tànana handray fitenenana ny Solombavambahoakan'i Vondrozo.

### **Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mbola mamerina ny fiarahabana anao sy ireo Reny rehetra nahatratra ny fetin'ny Reny, Tompoko. Irariana mba ho ela fanampahana ianao amin'izao toerana misy anao izao.

Izaho dia manohana tanteraka izao fananganana «enquête parlementaire» izao ary mahatsapa fa tsy maharaka amin'ny filan'ny vahoaka ny tolota atolotr'ireo «opérateurs téléphoniques» ireo. Hita araka ny tatitra teo, fa betsaka tokoa ny vola miditra amin'izy ireo kanefa ny tolota azo ao ambadika dia tsy mahafapo mihitsy. Mahatsiaro tena ho anisan'ny farany isika raha ara-teknolojia raha oharina amin'ny hafa kanefa ny Malagasy dia manana ny fahalalana ilaina amin'izany.

Manohana tanteraka azy ity, Tompoko, ny tenanay.

Misaotra indrindra, Ramatoa Filoha.

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Vondrozo tamin'ny fandraisany fitenenana teo.  
Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka voafidy tao Brickaville.

### **Andriamatoa SATRA Augustin**

Faly miarahaba ny Reny rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena nahatratra ny fety natokana ho an'ny Reny. Reny idealy milanja ny mavesatra tokoa amin'ny fiaianana andavan'andro.

Efa voalaza tany amin'ny asam-baomiera ny fanontaniana napetrak'izy ireo amin'ny tsy fahafahana misitraka ny tambazotram-pifandraisana manerana ny Distrika na Kaominina eto amintsika. Raha mijery fotsiny isika amin'ny isan-jato nomena teo iny dia ny 4G mbola 30%-ny Kaominina eran'i Madagasikara ihany no misitraka azy.

Raha mijery an'i Brickaville manokana isika izay ahitana Kaominina miisa 18 dia Kaominina miisa 8 amin'ireo mianika tendrombohitra avo ary miala 3km vao misitraka ny fifandraisana an-telefonina.

Raha nohenoina tsara ny fanazavana nataon'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy teo dia orinasa tsy matiantoka mihitsy ny «opérateurs téléphoniques» rehetra satria miliara daholo ny vola miditra aminy. Raha dinihana, tokony hangarahara no sady mazava tsara ny fifandraisana rehetra manerana an'i Madagasikara. Ny hevitra avy aty amiko, tsara raha misy fanadihadiana atao mikasika ity tambazotram-pifandraisana ity.

Makasitraka Tompoko.

- 6 -

**- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR -**

#### **Ramaroa FILOHA**

Isaorana ny Solombavambahoaka hajaina SATRA Augustin tamin'ny fandraisana anjara tamin'ny fitenenana.

Satria tsy misy handray fitenenana intsony na manan-kolazaina mikasika izay famelabelarana rehetra teo izay, ka hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR "tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en télécommunication" ity isika izao.

Marihana fa ahitana andininy tokana ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Mikasika ny famelabelarana ny antonantony nolianian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kolazaina mikasika ny famelabelarana ny antonantony.

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

Ambara fa miisa 33 ny Solombavambahoaka mpifidy.

- Solombavambahoaka miisa 27 ny nandany ny famelabelarana ny antonantony -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kolazaina mikasika io andininy voalohany io.

- Tsy misy -

Izay mandany.

- Solombavamabahoaka miisa 23 no nandany -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Izao isika dia hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao dia ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharintsika.

Atsangano ny tangan'izay manaiky fa atsangana ny vaomiera mpanadiady arak'ity Tolo-pehin-kevitra ity.

- Solombavambahoaka miisa 30 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Solombavambahoaka 1 no tsy milaza ny heviny -

Ambarako fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des opérateurs en télécommunication» natolot'Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy voafidy tao Manjakandriana sy ireo Solombavambahoaka namany.

Taorian'ny fahalanian'ny Tolo-pehin-kevitra dia omena fitenenana ny Solombavambahoaka hajaina ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy raha toa mbola misy teny tiany hatao.

**Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy**  
Misaotra, Ramatoa Filoha.

Ny hany teniko dia fisaorana voalohany indrindra emintsika Solombavambahoaka amin'izao fanomezan-toky anay izao momba ny fanaovana an'io "enquête parlementaire" io. Manome toky izahay fa hanao an'io antsakany sy andavany mba ho tombontsoan'i Madagsikara.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Isaorana ianao Solombavambahoaka hajaina ANDRIAMIASASOA Doda.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ataontsika amin'ny fivoriana manaraka satria afakampitso, hivory ny Biraô Maharitra, ka hataontsika amin'ny fivoriana manaraka ny fifidianana izay ho Filohan'io Vaomiera hanao Fanadihadiana io.

- 7 -

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Tiako ny mampahafantatra antsika alohan'ny hisarahantsika eto, fa rahampitso Talata 1 Jona 2021 amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny "proposition de loi n°001-2021/PL relative à la nationalité Malagasy, présenté par le Député FIAROVANA Lovanirina Célestin" voafidy tao Betafo.

Koa manentana antsika mba havitrika amin'ny fanatanterahana izany.

Marihana fa fivoriana ampitain-davitra na "visio conférence" hatrany no hanaovana izany.

Alohan'ny hiatoan'ny fivorantsika, mirary soa anao Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda mba hanana ny fahasalamana feno ary ho tafian'Andriamanitra fiarovana hiatrika ny asa izay iantsorohanao.

Mirary soa anao, Tompoko.

Miato hatreo ny fivorantsika.

Mankasitraka Tompokolahy sy Tompokovavy.

**- Lakolosy -**

Niato tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

